Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 98 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA 19 NOVAMBRA 2020

JONA SY HAGAY

Lohahevitra anio : lesona avy amin'ilay tanatanamanga

Pasitera RAKOTO ANDRIANAVONY
Toky

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina

Salamo 101. 1-8

Famindrampo sy Ditsarana no hankalazaiko; Ianao, TOMPO ô, no hoderaiko. Hitandrina ny lalana marina aho. Rahoviana no ho tonga atỳ amiko Ianao? Handeha amin'ny fahitsian'ny foko ao anatin'ny tranoko aho. Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho; halako ny fanaon'ny mpivadika, tsy ho azon'izany aho. Halaviriko ny fo maditra; tsy hankasitraka izay ratsy aho. Izay manendrikendrika ny namany mangingina dia hofongorako; izay miandranandrana sy miavonavona am-po dia tsy zakako. Hijery izay olona mahatoky amin'ny tany ny masoko mba hitoerany ato amiko; izay mandeha amin'ny lalana marina no hanompo ahy. Tsy mba hitoetra ao anatin'ny tranoko izay manao Ditaka. Tsy mba hijanona eo anoloan'ny masoko izay milaza lainga. Haringako isa- maraina ny ratsy fanahy rehetra amin'ny tany mba hamongorako ny mpanao ratsy rehetra tsy ho ao an-tanànan'NY TOMPO. Amena

- **Hira** FFPM 242 – Misaotra Anao 'zahay, ry Ray! (1,2)

Vavaka

Fampidirana

- **Hira** FFPM 242 – Misaotra Anao 'zahay, ry Ray! (4,5)

Vakiteny 1 - Jona 4.1-4

Tsy sitrak'i Jona velively izany ka nirehitra ny fahatezerany. Dia nivavaka tamin'NY TOMPO izy hoe: Mifona aminao aho, TOMPO ô, tsy izao ihany va no efa nolazaiko fony aho mbola tany amin'ny taniko? Fa ny tsy hisian'ny toy izao no nandosirako ho any Tarsisy satria fantatro fa Ianao dia Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo ary manenina ny amin'ny loza. Koa mifona aminao aho ankehitriny, TOMPO ô, esory ny

aiko; fa aleoko maty toy izay ho velona. Fa hoy NY TOMPO: Moa mety va izao Direhitry ny fahatezeranao izao?

- **Hira** FFPM 355 – Ry namako mahantra, manaram-po izao (1,2)

Vavaka any amin'izay misy antsika

- Fankalazana an'Andriamanitra noho Ditiavany sy ny famindram-pony
- Ny hanomezan'Andriamanitra Difohazam-panahy marina ho an'ny mpitondra sy ny vahoaka malagasy

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 2 - Jona 4. 5-9

Dia nivoaka niala ny tanàna i Jona ka nipetraka teo atsinanan'ny tanàna; ary nanao trano rantsan-kazo ho azy teo izy ka nipetraka teo ambanin'ny alokalony ambara-pahitany izay hiafaran'ny tanàna. Ary NY TOMPO Andriamanitra nanomana tanantanamanga ka nampaniriny izany, hialokalofan'i Jona, ho alokaloky ny lohany sy hanafaka azy amin'ny manjo azy. Dia nahafaly an'i Jona indrindra ny tanantanamanga. Kanjo nony ampitso maraina dia nanomana fositra koa Andriamanitra ka namely ilay tanantanamanga iny, dia maina io. Nony niposaka ny masoandro dia nanomana rivotra mahamay avy any atsinanana Andriamanitra, ary namely ny lohan'i Jona ny masoandro, dia nangataka ny ho faty izy, sady niteny hoe: Aleoko maty toy izay ho velona. Fa hoy Andriamanitra tamin'i Jona: Moa mety va izao Direhitry ny fahatezeranao ny amin'ny tanantanamanga izao? Ary hoy izy: Mety ny hahatezerako na dia mandra-pahafatiko aza.

- **Hira** FFPM 355 – Ry namako mahantra, manaram-po izao (3)

Vavaka any amin'izay misy antsika

- Fifonana amin'Andriamanitra noho ny Ditiavantsika tena
- Fangatahana ho an'ny mpino ny fo toy ny fon'Andriamanitra ka ho mpamindra fo

Vavaky ny mpitandrina Vakiteny 3 -

Jona 4. 10-11

Dia hoy NY TOMPO: Malahelo ny tanantanamanga izay tsy nisasaranao na nampanirinao ianao, dia ilay naniry indray alina monja ary maty indray alina koa. Koa moa va Aho tsy mba halahelo an'i Ninive, ilay tanàna lehibe, izay misy olona maherin'ny roa alina sy iray hetsy, izay tsy mahafantatra ny havanany sy ny haviany, sady be biby Diompy koa?

- **Hira** FFPM 318 – Mandrosoa, ry mpanarato (1,2)

Vavaka any amin'izay misy antsika

- Mifona ho an'ny Direnena misy anao sy ho an'ny izay mandray anao ho fahavalo
- Ho an'ny Diainam-piangonana sy ny asa Ditoriana ny Dilazantsara

Vavaky ny mpitandrina + Vavaka nampianarin'ny Tompo Hafatra

Koa iraka solon'i Kristy izahay, toa ny hoe Andriamanitra mihitsy no mangataka anareo amin'ny alalanay hoe: Aoka ianareo hanaiky hampihavanina amin'Andriamanitra! Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra

ao Aminy kosa isika. - 2Korintiana 5:20-21

- **Hira** FFPM 318 – Mandrosoa, ry mpanarato (3,4)

Tsodrano

Hitahy anao anie NY TOMPO ka hiaro anao; hampamirapiratra ny tavany aminao anie NY TOMPO ka hamindra fo aminao; hanandratra ny tavany aminao anie NY TOMPO ka hanome anao Diadanana. - Nomery 6:24-26

Amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina . Amena